


## **ALAHADY FAHA 19 MANDAVANTAONA - A**



### **MAMPATOKY NY MANATONA AN'I JESOA MPAMONJY**

Ry Kristianina havana, tamin'ny Alakamisy lasa teo dia nankalaza an'i Jesoa niova tarehy teo an-tendrombohitra isika izay mampiditra antsika amin'izao fanjava vaova izao ihany izay raha ny marina tokony ho fanjavan'ny pretrantsika eto amin'ny diosezy izao. Nefa indrisy noho izao KORONTANAVIRUS dia tsy tanteraka. Tena

korontana tokoa no ateraka ity covid 19 ity.

Na izany aza dia matoky isika fa ho resy ity fahavalano tsy hita maso ity. Maniry mandrakariva isika mba ho tahaka ny fitraohofan'I Jesoa tamin'ireo Mpianatra tany an-tendrombohitra izay fanjavan'ny

pretra irintsika tsy ho ela ka hankahery azy ireo anie I Jesoa tahaka ny nankaherezany an'ireo mpianatra hiatrika ny fijaliany.

Milaza miara-mahita isika fa tena miatrika ady mafy isika hatramin'izao. Mila ny herin'ny Fanahy Masina Mpanavao, Mpanamasina, Mpankahery entina miatrika ny fiainana. Enga anie mba ho Senakla tokoa izay fifampitraohofan'ny pretra rehefa tonga ny fotoana hanaovana azy.

Vakiteny I : 1 Mpanj. 19, 9a. 11-13a.

Tononkira : Salamo 8

Vakiteny II : Rôm. 9, 1-5

Evanjely : Mt. 14, 22-33

Mila fihavaozana tokoa isika mianakavy mba ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO "TABERNAKLA VELONA" ka zary "génération" mpanorina fa "tsy mpandrava" tahaka ity "KORONTANAVIRIUS"ity. Matetika aho no mamerimberina fa raha mitraotro marina amin'i Jesoa, mifanojo, mihaona marina amin'i Jesoa isika dia miova isika ary afaka mampiova ny hafa.

Mbola izany ihany koa ny foto-kevitra amin'izao alahady faha-19 mandavantaona izao. Hitantsika ao amin'ny Evanjely i Piera nahita an'i Jesoa nandeha teo ambony rano ka nanatona an'i Jesoa, natoky tena loatra anefa izy ka nilentika. Eo anivontsika i Jesoa, mpiara-belona amintsika ka izy no nanarina an'i Piera ary nilaza tamin'i Piera hoe aza matahotra, aza mavozo manatona eto akaikiko ianao, na eo aza ny onjan-dranomasina dia zary tony. Afaka niroso i Piera nanatona an'i Jesoa ka tamin'izay indrindra no nanaovany ny fanekem-pinoana "kely finoana aho ka ampio ny finoako, tena tsy mendrika hanatona anao akory aho, ary ianao no zanak'Andriamanitra". Niova I Piera satria nitraotro marina tamin'I Jesoa. Nahafantatra ny toetrany izy. Fantany fa tsy mahavita na inona na inona raha tsy miaraka amin'i Jesoa. Io no dingana voalohany manambara fa miroso amin'ny tena fiovana isika. Rehefa manaiky ny fahalementsika isika dia manaiky iasan'ny fahasoavan'Andriamanitra, manaiky iasan'ny Fanahy Masina.

Fampianarana lehibe ho antsika izany amin'izao isika miatrika an'ity areti-mandoza ity izao fa indrindra isika pretra fa tsy maintsy miaraka amin'i Jesoa isika, manaiky hitafy Azy ary hanahaka Azy vao afaka mitarika ny vahoaka hitraotro amin'i Jesoa amin'ny alalan'ny fitorian'ny Vaovao Mahafaly sy fankalazana ny Sakramenta. Amin'ny alalany sy miaraka Aminy ary ao Aminy tokoa araky ny vavaka famaranana ny Eokaristia no hahafahantsika ho tonga EOV MISIONERA SY HO TABERNAKLA VELONA ka zary taranaka mpanorina tokoa. Matetika isika mieritreritra ho mahavita tena samirery. Mihevitra ho mahery ka zary lavo, lentika, revo anatin'ny rano na godra. Tsy lavitra antsika anefa i Jesoa ary tsy sanatria matoatoa araka ny voalazany tamin'ny mpianany. Miaraka amintsika i Jesoa amin'izao fiainana misamboaravoara nentin'ity korontanavirus ity. Miantso antsika i Kristy, tahaka ny nataony tamin'i Piera hoe "Avia". Aoka hanatona Azy amim-panetren-tena isika ka Izy hanavotra antsika amin'izao areti-mandoza mitady hadentika antsika izao.

"Ady sady Dia" ny fiainantsika, ady amin'ny ratsy nefo handresy isika na dia mitady handrendrika antsika aza ny ratsy satria nandresy i Jesoa, ho tody soa aman-tsara isika tahaka an'i Piera. Aoka ny fampianarana amin'izao Alahady faha-19 izao hanampy antsika hampifototra tsara ny fiainantsika amin'i Jesoa, hivahatra amin'I Jesoa. Hanam-pinoana isika ka hilaza tahaka an'i Piera hoe "tsy mendrika aho" ka

hampian'i Jesoa isika ao anatin'ireny fiainana sarotra ireny. Ny tadiavin'i Jesoa dia isika hifikitra Aminy.

Ry Kristiana havamalala, fantaro fa arakaraky ny fifikirantsika amin'i Jesoa no hampiova antsika ka hahafahantsika mampiova ny manodidina antsika. Arakaraky ny fiombonantsika amin'i Jesoa vokatry ny fitraohofana Aminy no ahafahantsika mitondra ny famonjena eo amin'ny mpiara-belona, hahazoantsika aina sy hery vaovao. Aza mieritreritra isika fa noho ny saim-pantantsika na noho ny volantsika na noho ny talentsika no hahafahantsika mamonjy ny hafa na mamonjy an'ity firenentsika ity. Marina mety mila vola ary mety vola be aza fa tsy ireo no mitondra aina, mitondra fampandrosoana marina mifototra amin'ny fivelarana ny mahaolona sy mahaolona manontolo fa ny loharano sy fototra hahatongavana dia Andriamanitra. Mila an'i Jesoa isika raha te-hahazo ny fandresena ary raha te ho tafita amin'ny fiainana raha tsy izany rendrika isika ka tsy ho tafita. Araky ny nolazain'i Papa Md Jaony Paoly II : raha misy fandresana dia handalo amin'i Masina Maria... Eo koa i Masina Maria Reny tsy handao antsika.

Ampianarin'i Md Paoly antsika ao amin'ny vakiteny faharoa ny hoe : "raha ny sitrako dia aoka izaho no voaozona mba hahavoavonjy ny taranako" izany hoe mila fanoloran-tena, mila fahafoizana izay fiombonana amin'i Jesoa izay, tsy hoe mandeha ho azy fa tsy maintsy mahafoy tena isika.

*"Milaza ny marina ao amin'i Kristy aho, ka tsy mandainga, ary ny Fanahy Masina sy ny hitsim-poko no vavolombeloko, fa malahelo mafy aho, ory lalandava ny foko, satria saiky niriko aza ny ho voaozona ho lavitra an'i Kristy ny tenako, hamonjeko ny iray finoana amiko, izay havako araka ny nofo, dia ireo Israelita, izay manana ny fananganan-janaka, sy ny voninahitra, sy ny faneke, sy ny lalàna sy ny fombampivavahana, ary ny fampanantenana;"*

Tsy maintsy mahafoy tena isika mba ho Kristy mpiara-belona amin'olona izany hoe hahafahantsika manambara an'i Kristy amin'ny fiainantsika ary dia manana modely isika hoy Md Paoly. Vavolombelona tokoa ny fiainan'i Victoire Rasoamanarivo sy i Lucien Botovasoa izay fantantsika fa nahafoy ny ainy noho ny fitiavany ny mpiray tanindrazana aminy. Tsy ho ela isika dia hankalaza an'I Victoire Rasoamanarivo Olts.

Aoka hanampy antsika hahay handray ny foto-pampianarana amin'izao alahady faha-19 mandavantaona izao ny tantaran'i Elia ao amin'ny vakiteny voalohany izay nihevitra hahita an'Andriamanitra ao anaty zavatra mampitolagaga, anatin'ny rivodoza, na afo. Tsy misy herisetra ao amin'Andriamanitra fa amin'ny alalan'ny fahanginana sy fiombonana Aminy no isehoany, tsy anaty horohoron-tany na rivotra

na afobe ny fisehony fa anatin'ny tsioka mangina izany hoe aoka hatoky an'Andriamanitra isika, raha miaraka Aminy isika dia afaka hanorina fiainana tena izy. Tsy amin'ny alalan'ny herisetra na hetraketraka na famoretana na fanapotehana no hahazoantsika ny fiadanana fa amin'ny alalan'ny tena fihaonana amin'Andriamanitra. Famonoana, fanapotehana no vokatry ny herisetra ka raha tiantsika ny hampandroso ny tanintsika ity aoka ho tahaka ny rentsika amin'ny vakiteny voalohany io , aoka ho ao anatin'ny fahalemem-panahy, hitsim-po, fahamarinana no iainantsika. Amin'ny alalan'ny fampanjakana ny famindram-po sy fifamelan-keloka vokatry ny fihaonana amin'Andriamanitra ny fandriampahalemana sy fiadanana hoy ny Papa François.

Na dia eo aza ny hetraketraky ny fiainana entin'ity Korontanavirus ity dia milaza amintsika i Kristy tahaka nolazainy tamin'i Piera "*Avia manatona*", ka na dia eo ny savoaramboaram-piainana na maro ny zavatra mampavozo antsika dia handeha "ambony ranon'ny fiainantsika" isika ka handresy an'ity areti-mandoza ity, handresy ity fahavalox tsy hita maso ity.

Tsy araky ny saim-pantantsika fa aoka hiaraka Aminy sy amin'ny alalany ary ao Aminy no entintsika hamakivaky ny fiainana sarotra. Ady sady dia ny fiainana ka matokia an'i Jesoa isika tahaka ny nanampiany an'i Piera.

Ry Jesoa zokinay ô, mazava fa tianao tokoa izahay, fantatrao ny rivotra mahery, mangozohozo ny fiainanay, fantatrao ny zavatra manahirana manembantsembana ao anatinay, fantatrao ny tahotray eo amin'ny fiainana, fantatrao ny tebiteby koa ampio ary izahay hahay hidodododo hankeo Aminoao ka amin'izay ho tafita soa aman-tsara eo anivon'ny fiainanay izahay ka handova ny tany. Hokarakarainay ity tranobe iombonana ity ka amin'izay dia hiadam-pinaritra ao Aminoao izahay. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson